Allah dia hamindra fo amin'izay olona miantra rehefa mivarotra, na mividy, na mitrosa

Tatitra azo avy amin'i JABIR (R.A), fa niteny i mpaminany (S.A.W) ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah ka nanao hoe : "Allah dia hamindra fo amin'izay olona miantra rehefa mivarotra, na mividy, na mitrosa."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nangataka famindram-po ho an'izay mora sy malala-tanana eo amin'ny fivarotana i Mpaminany (S.A.W). Tsy manaikitra loatra amin'ny vidin'ny entana eo amin'ny mpividy ary maneho ny hatsaram-panahy. Tsotra sy malala-tanana rehefa mividy; ary tsy manambany sy mampihena ny sandan’ny entana Izy, Tsotra sy malefaka raha mitaky ny handoa ny trosany izy; tsy manery ny ory sy ny mahantra izy, fa mangataka aminy amim-pahalemem-panahy ary mamindra fo amin'ny mahantra.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3716